




MAKPELA dia anaran'ny fasam-pianakaviana Andriamanantena, ao Anjanahary. Ao daholo ny razam-be sy ny taranany no matory, miandry ny fitsanganana amin'ny maty, araka ny finoana kristianina.


NY SORATRA MASINA—FANDIKAN-TENIN'NY TONTOLO VAOVAO

Genesisy 23: 14 - 20

14 Ary namaly an'i Abrahama i Efrona hoe: 15 "Mihainoa
ahy, tompoko: Tany mitentina sekely volafotsy efajato io, nefa
misy dikany inona moa izany vidiny izany eo amintsika? Koa
aleveno ny vadinao." 16 Dia nihaino an'i Efrona i Abrahama
ka nolanjainy ho an'i Efrona ny volafotsy, araka izay efa nolazainy
teo anatrehan'ny taranak'i Heta. Sekely volafotsy efajato izany,
araka ny lanja fampiasan'ny mpivarotra. 17 Koa ny sahan'i
Efrona tao Makpela izay tandrifin'i Mamre, izany hoe ilay saha sy
ilay lava-bato tao ary ny hazo rehetra efa teo, izay tao anatin'ny
faritr'ilay saha, + dia nekena ara-dalàna 18 ho fananan'i
Abrahama, novidiny teo imason'ny taranak'i Heta, eny, teo
imason'izay rehetra niditra teo am-bavahadin'ny tanàna. 19
Ary i Abrahama nandevina an'i Saraha vadiny tao amin'ilay
lava-bato teo amin'ny saha tao Makpela tandrifin'i Mamre, izany
hoe tao Hebrona, any Kanana. 20 Koa nomen'ny taranak'i
Heta an'i Abrahama ilay saha sy ilay lava-bato tao, mba hataony
toeram-pandevenana.

www.madagate.org

Ao anatin'ny Baiboly kosa (Genesisy 23: 17) dia toerana misy zohy (lava-bato) io Makpela io, ao Hebron, ary ao no milevina i Abrahama sy ny taranany.



**ANDRIAMANANTENA Céléstin**

Na dia mpanoratra nahay (anisan'izany ny Diary Mena) sy mpamoron-kira ary mambra tao amin'ny Akademia Malagasy aza i ANDRIAMANANTENA Celestin, dia ny maha-mpanao gazety azy no tena nahalalan'ny maro azy. Ny gazety HEHY no gazetiny nanomboka ny taona 1950. Dimy taona taty aoriana vao niaraka taminy ny rahalahiny ANDRIAMANANT-ENA Georges na i RADO, nampian'i Noro ANDRIAMANANTENA (vehivavy voalohany nahavita ny sekoly sekoly fianarana gazety CFSI) ny taona 1965.

Ny fisian'ny gazety amin'ny teny malagasy ho an'ny malagasy no tanjona nokendreny. Lasa gazety sakaizam-bahoaka mihitsy ny gazety HEHY ka raha an-jatony vitsivitsy no izany tany am-boalohany dia niakatra an'aliny roa no natonta tamin'ny taona 1973. Io gazety io aza no voalaza fa be mpamaky indrindra tamin'ny taona 1970 noho ireo takila mirakitra ny politika, sosialy sy toekarena, ny literatiora sy ny fanatanjaha-tena, ny vehivavy sy ny tanora, ny tantaram-pirenena sy ny tolona iraisam-pirenena ary ny kisarisary sy ny ala-mamohamo navoakany.


Ny fanajany ny zo aman-kasin'ny fanaovan-gazety no isan'ny nahavoafidy azy ho FILOHAN'NY HOLAFITRA, ho Filohan'ny Sendikan'ny Mpanao Gazety eto Madagasikara (SPM) ary ho solontenan'ny mpanao gazety malagasy tamin'ny nankalazan'ny Fanjakana ny faha- 100 taonan'ny Gazety Malagasy voalohany, dia ny "TENY SOA", tamin'ny taona 1966.

Maro koa ny fivoriana iraisam-pirenena natrehiny amin'ny maha-mpanao gazety azy sy nandraisany taratasy fankasitrana sy mari-boninahitra vahiny.

Noho ny krizin'ny toekarena teto Madagasikara tamin'ny taona 1979 dia voatery najanona ny Gazety HEHY. Nataony ho anjara birikiny amin'ny fitaizana ny vahoaka sy fanasoavana ny fireneny ny fisahoan'ny gazety HEHY nandritra ny 29 taona.

1918 - 2002

Raha ny eto Madagasikara, ny taona 2008 no nandao antsika i Georges Andriamanantena fantatra amin'ny anarana hoe RADO, mpanoratra. Nialoha azy, tamin'ny taona 2002, ny rahalahiny, Célestin Andriamanantena, mpanao gazety ary rain'i Fanja Andriamanantena, mpamoron-kira sy mpihira tsy zoviana amin'ny rehetra.



**FILAZANA MANJO**

*"Andriamanitra dia Fitiavana"*

*Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay anareo ny fiantsoan'Andriamanitra ny mpanompony*

**ANDRIAMANANTENA**
**RAVOLOLONA Edwige**
**Vady navelan'**
**ANDRIAMANANTENA Georges**
**(RADO)**

*rehefa nampindraminy anay nandritry ny 91 taona*

*Hoy :*

**Ny Zanany** : Razafindrafara Ony sy Rakotomalala Tony
Randriambololona Jacquis
Andriamanantena Solofo Andry sy Ramiejamanana Voahangy
Andriamanantena Ravonjiarivelo Volahanta

**Ny Zafikeliny**: Rasamimanantsoa Hasinjaka mivady
Rasamimanantsoa Riana sy Andrianarivelo Tiana
Rakotomalala Maminiaina sy De Foucault Bruno
Andrianarivao Lova Harivola sy Rakotoarivony Tiana
Rakotomalala Miary sy Naturel Patrick
Randriambololona Toky sy Rasoloharimanana Lova
Andrianarivao Andotiana sy Ralaimahenina Lala Tiana
Ramiejamanana Oly sy Rakotozandriny Riana
Randriambololona Mino Sandratra sy Rajaonarimanana Eddy
Andrianarivao Miora sy Ranjevarivony Herizo
Andriamanantena Maradona sy Ranaivosoa Eva
Andriamanantena Anoka
Andriamanantena To Sitraka
Andriamanantena Angola sy Ranaivoson Sambatra

**Ny Zafiafiny:** Mijoro, Mirana, Aro, Irianja, Mathieu, Thibaut, Antsa, Rohy, Audrey, Coraline, Anay, Iray, Kalina, Kiady, Kasaina, Iloniaina, Toniaina, Rotsiniaina, Freddy, Hariniela, Miahy Soa, Finidy, Fitandro

**Ny Taizany:** Honorine (Raflera) sy ny taranany ; Rakotorahalahy Noelson sy Nirina ary ny zanany

***Ny Iray tampo aminy* : Tarana- dRAVALISON Célestin sy RASOALANTO**
***Ny Iray tampo amin'ny vadiny* :**
**Taranak' ANDRIAMANANTENA Gaston sy RAZAFINDRAFARA**
***Ny fianakaviana manontolo***
**Ny Mpitandrina sy ny Fiangonana FJKM Tranovato Faravohitra**
**Ny Fokontany : Mandrosoa IVATO FIRAISANA**

*Ny nofony dia hoentina miala ao amin'ny Lot 273 MC Mandrosoa Ivato ny Alarobia 24 Febroary 2016 ary hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny FJKM Tranovato Faravohitra amin'ny 2 ora sy sasany, alohan'ny hametrahana azy ao amin'ny fasam-pianakaviana ao Makpela Anjanahary.*

***"Tsy ho takatry ny saiko izay rehetra alahatrao***
***Ny angatahako ry Raiko, aoka aho hatoky Anao"***

Tamin'ity taona 2016 ity kosa no lasa nanaraka an'i RADO ny vadiny, rehefa nivahiny 91 taona teto amin'ity tany fandalovana ity. Tsy iza izany fa i Edwige teraka Ravololona. Ny fandevenana moa dia io hitanareo eo amin'ny ferapara.

Araka ilay tonon-kira noforonin'i RADO ihany dia : ***« Tsy ho takatry ny saiko izay rehetra alahatrao ; ny angatahiko anao ry Raiko, aoka aho atoky Anao »***
.

Izahay eto aminy madagate.org dia maneho fiaraha-miory amin'ny fianakavian'i Edwige sy Rado Andriamanantena. Mandrià am-piadanana ianareo mivady.


Rado sy Edwige Andriamanantena
www.madagate.org

Aza avela hahalala ny antony nanaovanao
Ny hariva mamanala na ireo maraina vao.

Tsy ho takatry ny saiko zay rehetra alahatrao.
Ny angatahako ry Raiko, aoka aho hatoky Anao.

Aza avela hanontany ny hafaliana atolotrao,
Na ny anton'ny tomany efa hitako hatrizao.

Aza avelanao hanefy ny ampitso zay Anao.

Aza avelanao handrefy zay ho fitantananao.

**Rado (Georges Andriamanantena)**

**Jeannot Ramambazafy – 22 Febroary 2016**